# 11 NY TANTARA FORONINA

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny tantara foronina ary manavaka azy amin'ny karazan-dahatsoratra mitantara hafa

## LESONA HO TADIDINA

- Famaritana:

Karazan-dahatsoratra tsotra, kanto, feno, lava ary mifototra amin'ny zava-misy nampiana famoronana teo amin'ny fandrafetana azy mba hahaliana ny mpamaky. Ho an'i Esther RANDRIAMAMONJY "Ny tantara foronina dia nisy na mety ho nisy atsangan'ny mpanoratra, arafiny sy arindrany hanana ny endriky ny fiainana tena misy ary anasongadinana ny kanto sy ny marina."

- Toetoetrany:

Tantara maneho tantaram-piainana mikasika toejavatra maromaro novolavolain'ny mpanoratra avy tamin-javatra nosaintsaininy ary ampifandraisiny amin'ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina na ny fiainam-pirenena ny tantara foronina.

Ohatra:

- Bina, Auguste RAJAONARIVELO
- Ho avy ny maraina, Esther RANDRIAMAMONJY
- Mitaraina ny tany, ANDRY ANDRAINA
- Ny sikajin'Idadabe, RANDRIAMIADANARIVO
- Ny zanako I sy II, Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA
- Sarivongana , RAVELOHARISON Bernard

- Ny firafitry ny tantara foronina:

Ny zavatra na toe-javatra tantaraina no fototra mampifandray ny mpitantara sy ny tantara foronina ary ny itantarana. Miseho amin'ny endriny telo ny

rafitry ny tantara foronina:

- Toe-javatra iaingana: maneho ny foto-dresaka tantaraina sy ny mpandray anjara
- Toe-javatra mpanova: itrangan'ny fisesin'ny olana sy ny vahaolana ary ny fizotry ny tantara lalovan'ny mpandray anjara fototra
- Toe-javatra iafarana: maneho ny niafaran'ny tantara sy ny mpandray anjara fototra

- Ny sokajiny:

Araka ny fandinihana nataon'ny mpikaroka, ny tantara foronina dia mety ho:

- Mahatsikaiky na mampihomehy
- Mampangitakitaka na mampatahotra
- Mampalahelo

- Ny fanabeazana asehon'ny tantara foronina

- Taratry ny fiainana ny tantara foronina ka azo atao fitaovana hanitsiana ny tsy mety. Ambara araka izany fa sekolin'ny fiainana izy ireny. Saika hita ao avokoa ny lafim-piainana rehetra na tsara na ratsy ka anjaran'ny tsirairay no misafidy izay mendrika azy.
- Ankoatra izany, mapahafantatra ny tantaram-pirenena ny tantara foronina. Hita ao ny zava-nitranga rehetra teo anivon'ny firenena. Ohatra: ny lafiny politika sy fitondrana, ny kolontsaina, ny toe-karena, ny fiarahamonina. Ny fahafantarana izany no manetsika ny ambom-po sy ny fitiavan-tanindrazana ao amin'ny olona ka mahatonga azy handray andraikitra amin'ny fampandrosoana ny fireneny.
- Fanampin'izany, maneho ny hakanton'ny toerana ny tantara foronina. Noho izany, hahazoana mampitombo ny fahalalana momba ny faritra na firenena iray izy ireny. Ny fahafantarana izany no mahatonga ny olona hiaro ny tontolo iainana

**SAHANASA 1**

1- Raha ampitahaina amin'ny angano, inona ny mampiavaka ny tantara foronina

| | Angano | Tantara foronina |
|---|---|---|
| endrika ivelany | | |
| ny mpandray anjara | | |
| ny fotoana | | |
| ny toe-javatra tantaraina | | |
| ny iombonany | | |

2- Inona ny atao hoe Tantara foronina?

3- Manao ahoana ny firafitry ny tantara foronina?

**SAHANASA 2**

Fampitahana ny tantara foronina amin'ny literatiora hafa: fenoy amin'ny fahalalana ireo karazana literatiora an-tsoratra mitantara ny fafana

| | Tantara foronina | Sombin-tantara | Teatra |
|---|---|---|---|
| Halavany | | | |
| Toe-javatra | | | |
| tantaraina | | | |
| Habaka | | | |
| Fotoanan'ny mpamaky | | | |
| Mpandray anjara | | | |
| Ny fiantraikany amin'ny mpamaky | | | |